



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fivavaha · Tanindrazana · Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA
FAMPITAM-BAOVAO

Niara-nankalaza ny Paka niaraka tamin'ireo kristianina tao Ambatomiady ny filoham-pirenena mivady

Nisafidy ny kaomina Ambatomiady tao amin'ny distrikan'Antanifotsy ny filoha Andry Rajoelina sy ny vadiny Mialy Rajoelina raha nankalaza ny fetin'ny Paka androany 21 aprily 2019. Nanatrika ny lamesa lehibe izay notanterahina tao amin'ny EKAR Notre Dame de Lourdes Ambatomiady, distrika vaovao vao noforonina eto amin'ny diosezin'Antsirabe. Ny volana aogositra lasa teo raha nangataka fanampiana ny mpino ao amin'ity fiangonana ity, raha nikasa hanangana trano fiangonana dia tsy nanakatom-baravarana ny filoha mivady fa nanome fanampiana tamin'ny fiantohana ny asa rehetra. Nandritra ity lamesa androany ity ary ho fanamarihana ny fetin'ny Paka izay manamarika ny fanehoam-pitiavana sy fifanampiana dia tsy nitondra tanam-polo fa nanolotra ihany koa ny lakolosy goavana izay milanja 250kg hoan'ny EKAR Ambatomiady ny filoha Andry Rajoelina mivady. « Ny Lakolosy dia marika manandanja hafantarana ny fiangonana . Ary noho ny fiarovana izany dia nisy mihitsy pretra namoy ny ainy. Koa amin'izao Paka izao dia hafaliana lehibe ho anay mivady ny manolotra ity lakolosy lehibe milanja 250 kilao ity, ho famerenana indray izay famantarana ny fiangonana izay mandritra izao fiarahana mankalaza ny Paka miaraka amin'ny mponin'Ambatomiady izao. » hoy ny filoham-pirenena. Nanome toky ihany koa ny filoha ny hanolotra dabilio ho an'ny sekoly vaovao vao naorina eo an-tampon-tanan'ny kaomina Ambatomiady. Mikasika ny lalana mampitohy an'Antanifotsy sy Ambatomiady, izay sarotra dia sarotra tokoa, dia nanambara ny filoha Andry Rajoelina fa efa misy ny tetikasa mikasika ny fanamboarana iny lalana iny ary ho afainganina ny fanatanterahana azy.

Fiadidiana ny Seraseran'ny Repoblika
21-04-2019